REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

---

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 2023- 165**

**Manova sy manampy ny andininy sasantsasany ao amin'ny didim-panjakana laharana faha 2021-822 tamin'ny 15 aogositra 2021 nasiam-panovàna tamin'ireo Didim-panjakana laharana faha 2022- 400 tamin'ny 16 martsa 2022 sy laharana 2022-1468 tamin'ny 18 oktobra 2022, manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta**

**NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,**

Arakan ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019- 1407 tamin'ny 19 jolay 2019 manendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-822 tamin'ny 15 aogositra 2021 nasiam-panovàna tamin'ireo Didim-panjakana laharana faha 2022- 400 tamin'ny 16 martsa 2022 sy laharana 2022-1468 tamin'ny 18 oktobra 2022, manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ;

Araka ny tolo-kevitry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :**

**Andininy voalohany.** -Foana ary tsy manan-kery intsony ireo fepetra voalazan'ny didimpanjakana laharana faha 2021-822 tamin'ny 15 aogositra 2021 nasiam-panovàna tamin'ireo Didim-panjakana laharana faha 2022- 400 tamin'ny 16 martsa 2022 sy laharana 2022-1468 tamin'ny 18 oktobra 2022 voalaza etsy ambony, ka mahakasika :

- Ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena ;
- Ny Minisitry ny Raharaham-bahiny ;
- Ny Mpitahiry ny Tombo-kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsaràna ;
- Ny Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy ;
- Ny Minisitry ny Asa Vaventy ;
- Ny Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro ;
- Ny Minisitry ny angovo sy ny ankoran'afo ;
- Ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena.

**<u>Andininy faharoa</u>** – Tendrena ho mpikambana ao amin'ny Governemanta amin'ny maha :

- Minisitry ny Fiarovam-pirenena :

  **Général de Division RAKOTOARIJAONA Josoa**

- Minisitry ny Raharaham-bahiny :

  **Ramatoa SYLLA Yvette**

- Mpitahiry ny Tombo-kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsaràna :

  **Ramatoa RANDRIAMANANTENASOA Landy Mbolatiana**

- Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy :
  **Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco**

- Minisitry ny Asa Vaventy :
  **Colonel Ndriamihaja Livah ANDRIANATREHINA**

- Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro :
  **Andriamatoa RAMONJAVELO Manambahoaka Valéry Fitzgerald**

- Minisitry ny angovo sy ny ankoran'afo :
  **Andriamatoa Soloniaina Rasamoelina ANDRIAMANAMPISOA**

- Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena :
  **Andriamatoa André Haja RESAMPA**

**<u>Andininy fahatelo</u>** : Nohon'ny hamehana, ary araka izay voalazan'ny andininy faha-efatra sy faha-enina andalana faharoa ao amin'ny hitsivolana laharana roa amby enimpolo tsipika iraika amby efapolo tamin'ny sivy ambinifolo septambra roa amby enimpolo sy sivin-jato sy arivo mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna iraisam- pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona, dia manan-kery avy hatrany izao didim-panjakana izao raha vantany vao ampahafantarina amin'ny alalan'ny fampielezam-peo na fahitalavitra, ankoatra ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Natao teto Antananarivo, ny 20 Febroary 2023

Ny Filohan'ny Repoblika,

**Andry RAJOELINA**

Ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta,

**Christian NTSAY**